

FITSIPIKY

NY FIKAMBANAN'I MASIMBAVY USRULE

FITSIPIKA

SASINTENY

1. Amin'ny anaran'ny Trinite Masina sambatra sy tsy azo sarahina.
2. Sasinteny mikasika ny fiainan'ny vehivavy virjiny, vao niantomboka tsy ela, ka nomena anarana hoe: Fikambanan'i Masimbavy Ursule.
3. Ho an'ny zanaka sy rahavavy malala ao amin'ny Fikambanan'i Masimbavy Ursule.
4. Satria Andriamanitra nanome anareo ny fahasoavana mba hisintahanareo amin'ny haizin' izao tontolo mahantre ity izao, ry zanakavavy sy rahavavy tena tiana, ary mampiombona anareo mba hanompo an'Andriamanitra Avo indrindra,
5. dia tsy maintsy misaotra Azy tokoa ianareo ny amin'ny nanolorany anareo manokana izany fanomezana tena hafakely izany.
6. Firifiry tokoa moa ny olo-malaza sy avy amin'ny sokajy maro samihafa no tsy manana na tsy afaka banana izany fahasoavana izany!
7. Izany indrindra, ry rahavavy, no antony anentanako anareo, na ny marimarina kokoa, italahoko anareo rehetra : satria voafidy noho izany ianareo mba ho tena vady virijin'ny Zanak'Andriamanitra marina tokoa,
8. Fantaro aloha izay fonosin'izany, ary inona no maha-fahamendrehana vaovao sy mahatalanjona izany.
9. Manarak'izany, miezaha amin'ny herinareo manontolo ianareo hitahirizanareo ny toetra iantson'Andriamanitra anareo ;
10. ary hitady sy hikatsaka ny fomba sy ny lèlana rehetra ilaina mba haharetanareo sy handrosoanareo hatramin'ny farany.
11. Satria tsy ampy ny manomboka raha tsy hanam-paharetana koa. Io no antony ilazan'ny Vaovao Mahafaly hoe: "Izay haharitra hatramin'ny farany, izy no ho voavonjy".

12. Ary hoy koa izy : “Sambatra ireo manana fo nentanin’Andriamanitra tamin’ny fahazavan’ny fahamarinany ary nobitsihiny haniry mafy ny lanitra tanindrazan’izy ireo, ka hikatsahan’izy ireo hitahiry io feon’ny fahamarinana sy io fikasana tsara io ao aminy”.
13. Tsy azo isalasalàna, fa io olona tokana io ihany no tsy hiova ka hanaiky hisahana ny fomba sy ny lèlana ilaina amin’izany,
14. satria, kely na tsy misy mampiavaka azy ny hoe : Tsy hanompo an’Andriamanitra intsony sy ny fandàvana ny lèlana ary ny fitsipika ilaina ahafahana mijanona amin’ny fanompoana Azy.
15. Arakaraky ny maha-lehibe ny asantsika ka tsy isian’ny asa hafa lehibe noho io koa, ry rahavaviko, no tsy maintsy maha-mailo antsika,
16. satria miankina amin’io ny fiainantsika sy ny famonjena antsika,
17. ary nantsoina ho amin’ny fiainana feno voninahitra loatra isika ka vadin’ny Zanak’Andriamanitra ary tonga mpanjakavavy any an-danitra.
18. Fa eto koa, dia tsy maintsy mahalala sy malina isika ; arakaraky ny mampanan-danja ny asa iantsorohana no mampisy havizanana sy loza azy io ;
19. satria eto, dia tsy misy karazan-dratsy na iray aza tsy mitady hifanohitra aminy, satria napetraka eo afovoana fandrika sy loza isika eto an-tany eto ;
20. hiady amintsika noho izany ny rano, ny rivotra ary ny tany miaraka amin’ny afobe iray manontolo, satria mbola tsy maty ny nofo sy ny filàn’ny vatantsika.
21. Ary ny demony, fahavalontsika, tsy matory ihany koa, dia izy izay tsy miala sasatra ; fa araka ny nambaran’i Masindahy Piera, dia toy ny liona iray mierona foana, mitily sy mitady ny fomba ahafahany mandrapaka ny iray amintsika izy, ary am-pitaka sy an-kafetsena mihitsy izany ka tsy afa- maminavina izany na iza na iza.
22. Kanefa tsy tokony hatahotra ny amin’izany ianareo, ry rahavaviko :

23. satria raha miezaka ianareo amin'ny ho avy, amin'ny herinareo rehetra, hiaina toy izay angatahina amin'ny tena vady marin'ny Avo indrindra,
24. ary mitandrina io lalàna io ho toy ny lalana tsy maintsy arahinareo ary voasoritraahasoa anareo,
25. matotra sy tsy azo ozongozonina ny finoako sy ny fanantenako ny hatsaram-pon'Andriamanitra tsy manam-petra : hosedraintsika mora foana ny loza sy ny fahorianary ho resintsika amim-boninahitra sy fifaliana lehibe koa izy ireo.
26. Eny, hiaina ao anaty fiononana koa aza isika eto amin'ity fiaina-mandalony,
27. ary hiova ho fifaliana sy firavoravoana ny tsirairay amin'ireo fahorianary sy ny alahelontsika ; ka hahita ny lalana be tsilo sy kitaontaona ho feno voninkazo ho antsika isika, ary voarary lava-drano feno volamena manify.
28. Satria hiara-dia amintsika ny anjelin'ny fiainana mandrakizay, izany hoe arakaraky ny handraisantsika anjara ao amin'ny fiainan'ny anjely.
29. Mahereza àry isika ! Ndeha isika rehetra hanoroka ity Fitsipika masina natolotr'Andriamanitra antsika tamin'ny alalan'ny fahasoavany ity.
30. Ary aoka koa isika, nosalorana ireny fitsipiny masina ireny, banana toetra matanjaka toy ny an'i Masimbavy Judith nahasahy nanapa-doha an'i Holoferina, ny demony izany, mba ahafahantsika hiverina am-boninahitra ao amin'ny tanindrazana,
31. izay hamirapiratan'ny voninahitra sy ny fandresena lehibe any an-danitra sy ety an-tany avy amin'ny olon-drehetra.
32. Ankehitriny àry, angatahina isika rehetra ho liana ka banana fo malalaka sy feno faniriana.

TOKO I NY FANDRAISANA

1. Voalohany : ampahatsiahivina fa tokony ho virjiny ny vehivavy raisina hiditra na nekena ao amin'ity Fikambanana ity
2. sy manana ny fikasana matotra hanompo an'Andriamanitra amin'ity fombam-piaianana ity.
3. Ary koa : mba hiditra ao an-kafaliana anie izy
4. ary an-tsitrabony tokoa.
5. Fahatelo : mba tsy efa manoka-tena amina fikambanan-drelijiozy hafa na amin'ny olon'izao tontolo izao.
6. Fahaefatra : aoka izy aloha hangataka alàlana amin'ny rainy, na ny reniny na koa amin'ny lehibeny hafa raha manana izany;
7. noho izany, afaka miresaka amin'izy ireo koa ny mpanabe sy ny mpitantana ny Fikambanana, mba tsy hisy avy amin'izy ireo, antony ara-dalàna na iray aza, raha sendra ka te-hanakana ny hidirany ao amin'izany fanoavana masina izany izy ireo.
8. Fahadimy : feno roa ambin'ny folo taona izy fara-fahakeliny.
9. Ampahatsiahivina anefa fa azo raisina ao amin'ny fikambanana, mba hahalala ny zava-misy ao amin'ity karazam-piaianana tena hafa ity, ireo zazavavy tanora kokoa.

TOKO II NY FOMBA FITAFIN'IZY IREO

- 1- Ampahatsiahivina hatrany fa tsy maintsy maontina sy tsotra ny fitafiana entin'izy ireo, araka izay takian'ny fahamendrehana amin'ny fahadiovam-po marina tokoa.
- 2- Noho izany àry, tsy maintsy manao akanjo ambony mihidy ara-dalàna, ary ambonin'izany koa, mitafy lamba vita amin'ny rongony ohatra na landihazo, tsy dia maivana loatra ary tsy manify mihitsy ; torak'izany koa ny saron-doha.
- 3- Raha ny amin'ny fitafiana indray, dia tsy maintsy vita amin'ny lamba volonondry na ny karazan'izany, miloko manja, na miloko hodi-biby matroka, na koa volon-davenona

antitra na manja antitra, arakarak'izay mety amin'ny olona tsirairay sy ny fahafahany mividy.

- 4- Afaka manao ny fitafiana ananany koa anefa, ny rahavavy, rehefa miditra ao amin'ny Fikambanana, saingy mandrapahasimbany izany, raha toa ka tsy misy rambondrambon'akanjo na tataka sy loadoaka eny amin'ny tanan'akanjo na koa dian-jaitra na amboradara (broderie) sy izay mety ho karazan'izany.
- 5- Ary mba hanisy fehikibo hoditra eo amin'ny valahany izy ireo, ho mariky ny fampijalian-tena ivelany sy ny fahadiovana lafatra anaty.*
- 6- Tsy tokony hitafy lamba vita amin'ny landy na volory, na koa misy volafotsy na volamena ; tsy ilaina ny kapa an-trano sy ny kiraro tsy miloko mainty ary tsy maontina.
- 7- Tsy ilaina ny lamba fitafy na ny fehi-tenda miloko, na vita amin'ny landy na koa amin'ny karazan-damba hafa maivana sy manify ; ary tsy asiana kentrokentrona na valombalona kely eo amin'ny lobaka.
- 8- Farany, tsy ilaina ny sary, ny ravaka, ny zava-manify sy ny karazana eboebo hafa mety handoto ny feon'ny fieritreretan'ny tsirairay na ny an'ny hafa,
- 9- ary mety hifanohitra amin'ny fahamendrehana amin'ny fahadiovam-po marina tokoa.

TOKO III NY FITONDTRAN-TENA EO AMIN'IZAO TONTOLO IZAO

1. Ankoatra izany dia ampatsiahivina : Voalohany : mba tsy hanana fifandraisana amin'ny vehivavy ratsy fitondran-tena.
2. Ary koa : mba tsy hihaino hafatra avy amin-dehilahy na vehivavy, indrindra an-kinafinafina.

3. Fahatelo : mba tsy handeha amin'ny fampakaram-bady, na any amin'ny fandihizana, na any amin'ny fifaninanana, na any amin'ny fialamboly tahaka ny fanaon'izao tontolo izao.
4. Fahaefatra : tsy hijanona eny an-davarangana, eny antokonam-baravarana na eny amin'ny arabe na irery na miaraka amin'ny namana - ary izany dia noho ny antony maro.
5. Fahadimy : miondrika ary voasaron'ny lambany am-pahamaontinana rehefa mandeha eny an-dàlam-be na eny amin'ny lâlan-kely ;
6. ary mba handeha haingana koa izy ireo, tsy mitaraikiraiky na mijanona etsy na eroa ary tsy hijanona ka ho liana hijery na inona na inona.
7. Satria misy amin'ny toerana rehetra ny loza, ny vela-pandrika isan-karazany ary ny fandriky ny demony.
8. Fahaenina : raha ny renin'izy ireo na ny hafa amin'ireo lehibeny te-hitarika azy ireo amin'izany loza izany
9. na koa hanakana azy ireo tsy hifady hanina, hivavaka, hiaiky ny fahotany, na hanao zavatra tsara hafa,
10. dia aoka izy ireo haka hevitra avy hatrany amin'ireo mpitantana ny Fikambanana mba izany.

TOKO IV NY FIFADIAN-KANINA

1. Ampahatsiahivina ihany : mba ho tia ny mifady hanina aranofo toy ny zavatra ilaina tokoa ny tsirairay,
2. ary toy ny fitaovana iray sy lâlana iray ahatongavana any amin'ny tena fifadian-kanina ara-panahy izay anadiovana ny fanahy amin'izay haratsiana sy haverezan-tsaina rehetra.
3. Ary ny ohatra nomen'ny olomasina rehetra no manosika antsika ho amin'io fifadian-kanina io ;
4. ary ny fiainan'i Jesoa Kristy indrindra no lâlana tokana mankany an-danitra.
5. Io no antony anambaran'ny Fiagonana Reny Masina, amin'ny fomba mazava, ho ren'ny mpivavaka rehetra rehefa mitodika amin'Andriamanitra izy manao hoe : "Qui corporali

ieiunio vitia comprimis, mentem elevas, virtutem largiris et praemia”; izay midika hoe : “Ry Andriamanitra ô, Ianao izay manala ny toetra ratsy mitaiza ny fanahy amin’ny fifadian-kanina, no manome ny toetra tsara sy ny valisoa”.

6. Satria, ny hatendan-kanina dia loharanon’ny ratsy rehetra ataontsika, ary izay indrindra koa no mahamety ny fifadian-kanina sy ny fandàvana tsy hihinana mihitsy ho fitsipika sy ho fitaovana ahazoana ny tsara sy ny tombontsoa ara-panahy ho antsika.
7. Izany no antony ilazan’ireo mpahay fitsipi-piangonana masina manao hoe : “Indictum est reiunium abstinentiae, lex a Domino Deo, praevaricatio legis a diabolo”; izay hoe : ny fifadian-kanina, lalàn’ny fifadiana dia nodidian’ny Tompo Andriamanitra, ka ny fandikana lalàna dia asan’ ny demony.
8. Entaninay noho izany ny tsirairay, mba hifady hanina, indrindra amin’ireto andro amin’ny taona voalaza manaraka ireto : Voalohany : ny andro rehetra voaddidin’ny Fiangonana Reny Masina, izany hoe ny karemy manontolo, ny fotoampifadian-kanina sy hena ary ireo fiambenana rehetra tsy maintsy atao.
9. Ary koa : ny fotoan’ny Fiavian’ny Tompo manontolo
10. Fahatelo : hifady hanina mandritry ny 40 andro manaraka ny fetin’ny Epifania mba hamehezana ny taovam-pandrenesana, ny hetaheta ary fanaranam-batana, izay, tamin’izany fotoana izany indrindra, no toa manjaka amin’izao tontolo izao,
11. ary mba italahoana ihany koa, eo anatrehan’ny fiandrianan’Andriamanitra Avo indrindra, ny famindram-po noho ny fitondran-tena tsy mendrika nataon’ny kristianina tamin’izany fotoana izany, araka ny fantasy ny rehetra.
12. Fahaefatra : mifady hanina telo andro isan-kerinandro, aorian’ny havaloana amin’ny Paka, dia ny alarobia, ny zoma ary ny sabotsy.
13. Fahadimy : mifady hanina mandritry ny telo andro amin’ny vavaka fangataham-pitahiana, na ny fitanisana fitarainana, izay ankalazain’ny Fiangonana alohan’ny andro Fiakaran’ny Tompo any an-danitra mba italahoana ny famonjena avy amin’Andriamanitra ho an’ny vahoaka kristianina.

14. Fahaenina : mifady hanina isan'andro aorian'ny andro fiakaran'ny Tompo any an-danitra,
15. ary hifampivavaka miaraka amin'izany, tohanan'ny herin'ny fanahy rehetra misy, mandra-piavin'ny fandefasana ny Fanahy Masina, izany hoe mandra-pahatonga ny Paka amin'ny volana Mey,
16. ka italaho mafy io fampanantenana lehibe nataon'i Jesoa Kristy tamin'ireo olona voafidiny io sy vonona tanteraka handray azy.

17. Fahafito : aorian'ny Paka amin'ny volana May, dia miverina mifady hanina amin'ny telo andro voalaza etsy ambony, amin'ny herinandro, mandrapahatongan'ny Fiavian'ny Tompo.
18. Kanefa, zavatra ara-drariny no ilaina, noho izany, am-pitandremana fa tsy misy na iray aza mifady hanina raha tsy nisy torohevitra avy amin'ny rainy am-panahy
19. sy ireo mpitantana ny Fikambanana, izay tsy maintsy hampihena na manakely ireo fifadian-kanina ireo araka izay fahitan'izy ireo ny filàny ;
20. satria izay mampijaly tena tsy am-pahamaontinana, « *esset offerre holocaustum de rapina* » izay midika hoe : toy ny olona manolotra sorona amin-javatra iray nangalarina ; ary izany koa no ilàzan'ny lalàna masina azy.

TOKO V NY FIVAVAHANA

1. Ampahatsiahivina ihany fa tsy maintsy maika amin'ny vavaka, na ao am-po tsy miloaka, na amin'ny alàlan'ny feo,
2. vavaka izay miaraka amin'ny fifadian-kanina ; milaza tokoa ny Vaovao Mahafaly: « *Bona est oratio cum ieunio* »; izany hoe : tsara ny vavaka miaraka amin'ny fifadian-kanina.
3. Ary ny Evanjely miresaka an'i Anna, zanak'i Fanoela, izay tsy nitsahatra nanompo an'Andriamanitra tao an-tempoly andro aman'alina *in ieuniis et orationibus* (amin'ny vavaka sy ny fifadian-kanina).

4. Satria, toy ny fampijalian-tena amin'ny hetaheta ara-nofo sy ny fihetseham-po manokana amin'ny alàlan'ny fifadian-kanina ; toy izany koa no ahazoana avy amin'Andriamanitra ny fahasoavana amin'ny fiainam-panahy amin'ny alàlan'ny vavaka.
5. Ary, na dia tsy maintsy mivavaka mafy hatrany, amin'ny fo sy ny saina, noho ny filàna lalandava ny famonjen'Andriamanitra aza - io no antony anambaran'ny Vaovao Mahafaly hoe : « Oportet semper orare » ; izay midika hoe : « tsy maintsy mivavaka lalandava » -
6. ankoatr'izany, manoro hevitra koa izahay amin'ny fanehoana matetika amin'ny feo ny vavaka atao
7. izay ahafahana manaitra ny fandrenesan'ny vatana
8. ary manomana ny vavaka amin'ny saina.
9. Noho izany antony izany, ilain'ny tsirairay ny manonona isan'andro, amin'ny fitiavam-bavaka sy fifantohana tanteraka, farafahakeliny ny vavak'i Masina Maria Virjiny ary ny salamo fiton' ny Fibebahana.
10. Satria miresaka amin'Andriamanitra rehefa manonona vavaka, toy izay nolazain'i Olontsambatra martyry Alexandre azy.
11. Ary izay tsy mahay manonona azy, mba hangataka hampianarin'ireo mahay izany.
12. Ary ho an'ireo tsy mahay mamaky teny, aoka izy ireo hanonona amin'ny vavaka maraina isan'andro ny Rainay any an-danitra telo amby telopolo sy ny Arahaba Ry Maria telo amby telopolo mba ho fahatsiarovana ny telo amby telopolo taona niainan'i Jesoa Kristy teto an-tany noho ny fitiavany antsika.
13. Ary amin'ny vavaka maraina, amin'ny fanononana ny Rainay any an-danitra im-pito sy ny Arahaba ry Maria im-pito noho ny fanomezana fiton'ny Fanahy Masina.
14. Ary, toy izany koa, amin'ny ora hafa voadidin'ny lalàn'ny Fiagonana, izany hoe: amin'ny vavaka fahatelo, fahaenina, fahasivy, amin'ny vavaka hariva sy ny vavaka hatory.
15. Ary mba hahatonga tsara ny vavaka ara-tsaina sy mba hanamafy ary hampahalalaka ny vavaka atao, dia entaninay

ny tsirairay hanandratra ny fanahiny any amin' Andriamanitra ary hampihatra izany isan'andro ka hanonona mangina ao am-po, toy izao fomba manaraka izao na ny mitovitovy amin'izany :

16. "Ry Tompo Andriamanitra ô, hazavao ny aizin'ny foko,
17. Ary omeo ahy ny fahasoavana ho faty toy izay haniratsira ny Fiandriananao Masina.
18. Ka hamafiso ny fitiavako sy ny fahatsapako ny zavatra rehetra mba tsy hiambaho adidy ka hivily miankavanana na miankavia,
19. Ary mba tsy hiodinako ny Tavanao mamirapiratra izay mampifaly ny fo malahelo.
20. Indrisy ! Malahelo aho, dia izaho izay tsy sahy miandrandra ny lanitra akory noho ny henatra, eo am-piheverana ny tsiambaratelon'ny foko,
21. Satria mendrika ahy ny voaviravira velona ao amin'ny afobe, satria maro ny fahaverezan-tsaina, ny haratsiana, ny fahafaham-baraka, ny habibiana sy ny endrika mampivarahontsana ary mampihorohoro hitako ato anatiko.
22. Voatery aho noho izany, hanandratra ny feoko, hikiakiaka ho henon'ny lanitra, hangataka famindram-po sy fotoana hivalozana, andro aman'alina, na mihetsika, na miala sasatra, na miasa, na koa mandinika.
23. Meteza, ry Tompo be fitiavana, hamela ny fahotana maro sy ny hadisoana tsirairay vitako nanomboka tamin'ny andron' ny batemiko masina ka hatramin'izao.
24. Meteza koa, indrisy ! hamela ny fahotan'ny raiko sy ny reniko, ary koa ny an'ireo havako sy ny namako, ary ny an'izao tontolo izao.
25. Mitalaho aminao, amin'ny alàlan'ny Fijalianao masina indrindra, ary amin'ny alàlan'ny Rànao Sarobidy nalatsaka noho ny fitiavanao anay ;
26. ary amin'ny alàlan'ny anaranao Masina, ho tahiana anie izy eo ambonin'ny fasiky ny ranomasina, eo ambonin'ny vaingan-drano, eo ambonin'ny kintana an'alinalina.

27. Mahatsapa fijaliana mafy aho noho ny fahatarana be teo amin'ny fanapahako hevitra ny hanompo ny Fiandriananao Masina.
28. Indrisy ! hatramin'izao, mbola tsy nandatsaka, eny fa na dia vaingan-drà kely akory aza aho, noho ny fitiavanao,
29. ary tsy nankatoa mihitsy ny didinao masina aho,
30. ka dia mangidy tamiko ny fahoriana rehetra noho ny tsy fahampian'ny fitiavako anao.
31. Tompo ô, mipetraka eo amin'ny toeran'ireo olo- mahantra tsy mahalala anao aho,
32. ary tsy miasa saina ny handray anjara amin'ny Fijalianao masina indrindra,
33. ka vaky ny foko,
34. ary manolon-tena aho, raha azoko natao izany, handatsaka ny rako mba hanokatra ny masom-panahy jamban'izy ireo.
35. Izany, ry Tompoko ô, hany fiainako sy fanantenako tokana,
36. miangavy anao aho hanaiky handray ity fo mahantra sy maloto loatra ity,
37. Ary handoro ao anaty afo miredaredan'ny fitiavanao masina ny fitiavako sy ny fijaliako tsirairay.
38. Mitalaho aminao aho mba horaisinao ny fahafahako malalaka
39. ny fanehoako ny fahafoizan-tenako izay tsy mahay manavaka ny tsara amin'ny ratsy, satria voaloton'ny fahotana izy.
40. Raiso ny eritreritro tsirairay, ny teniko, ny asako,
41. Ary farany, izay rehetra ahy, sy ato anatiko ary izay any ivelako.
42. Apetrako eo an-tongotry ny Fiandriananao Masina izany rehetra izany.
43. Ary mitalaho aminao aho ny mba andraisanao azy na tsy mendrika aza aho.
44. Amen ! »

TOKO VI **NY FAMONJENA SORONA MASINA ISAN'ANDRO**

1. Ary aoka koa, mba hamonjy Sorona Masina iray isan'andro farafahakeliny ny tsirairay,
2. ary hifikitra amin'izany am-panetren-tena sy fitiavam-bavaka izy,
3. satria, ao amin'ny Sorona Masina no ahitana ny fahamendrehan'ny Fijalian'ny Tompontsika.
4. Ary arakaraky ny hanatrehana izany amin'ny fifantohana tanteraka, amin'ny finoana sy fivalozana, no andraisana anjara amin'ireo fahamendrehana voatsodrano, ka lehibe ny fampiononana raisina amin'izany.
5. Ary ho fiombonana am-panahy koa aza.
6. Fa ankoatr'izany, aoka tsy hijanona ela loatra ao am-piangonana.
7. Raha te-hivavaka elaela kokoa izy ireo, dia mandeha mamonjy ny efitranony, ary manidy ny varavarana rehetra ka ao no mivavaka faran'ny ela arak'izay fomba ibitsihan'ny Fanahy Masina sy ny feon'ny fieritreretany.

TOKO VII **NY FIKONFESENA**

1. Entanina hatrany ny fikonesena matetika, fanafody ilaina amin'ny ratran'ny fanahintsika.
2. Satria tsy hisy na iray aza hohamarinina amin'ny ota, raha tsy mibaboka ny helony amin'ny pretra amin'ny vavany aloha izy, arak' izay voalazan'ny Vaovao Mahafaly hoe : “Dic tu prius iniquitates tuas ut justificeris” ; izany hoe : “Lazaonao aloha ny fahotanao, mba hohamarinina ianao;”
3. Ary niteny tamin'i Masindahy Piera i Jesoa nanao hoe : “Tibi dabo claves regni caelorum, et quodcumque ligaveris super terramerit ligatum et in caelis, et quodcumque solveris super terram errit solutum et in caelis.” Izany hoe : “Omeko anao ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny Lanitra ; ka izay hofehezinao ety an-tany dia ho voafehy koa any an-danitra,

ary izay ho vahanao ety an-tany dia ho voavaha koa any andanitra.”

4. Aseho mazava eto fa ny fahotana tsy mety ho afaka raha tsy amin’ny alàlan’ny pretra sy ny konfesy.
5. Ahoana tokoa moa no hamahan’ny pretra ny fahotana raha tsy fantany izany ?
6. Ary fomba ahoana koa no ahafahan’ny pretra mahalala izany raha tsy ny olona nanota ihany no mamoaka izany avy amin’ny vavany, satria miafina ao anatiny ny fahotana ?
7. Mba hiseho eo anoloan’ny pretra ny tsirairay toy ny eo anoloan’Andriamanitra Mpitsara mandrakizay,
8. sady feno fanenenana tokoa,
9. amin’ny fo mahitsy tanteraka sy fahamarinan’ny feon’ny fieritreretany, no ibabohany ny helony
10. ka angatahany famelana amin’izany ;
11. ary ijanona amin-tahotra sy amim-panajana foana manoloana ny mpampikonfesy izy, mandra-pahazoany ny famotsorana.
12. Mikasika izay, dia ampahafantarina fa tokony hisafidy toerana iray na fiangonana voafaritra izay hisafidianana Ray am-panahy iombonana, malina sy matotra, ka hikonfesen’ny tsirairay farafahakeliny indray mandeha isam-bolana ;
13. ary hanaiky tsara koa izy ireo, hivavaka ao amin’io Fiangonana io, isaky ny zomà voalohan’ny volana, ary samy miara-mandray komonio amin’io pretra io ihany.
14. Ankoatr’izany, entaninay ny tsirairay hikonfesy sy handray komonio ao amin’ny paroasiny ihany amin’ny fety lehibe ho an’ny Fiangonana.

TOKO VIII NY FANEKENA

1. Amporisihana koa ny tsirairay mba hitandro ny fanekena masina,
2. hany fandavan-tena marina amin’ny sitrapon’ny tena izay toy ny afobe maizim-pito ao amintsika.

3. Io no antony nilazan'i Jesoa Kristy hoe : “Non veni facere voluntatem meam, sed eius qui misit me Pater” ; izany hoe : tsy tonga hanao ny sitrapoko aho, fa ny sitrapon’ny Ray izay naniraka ahy.
4. Satria, toy ny hazavana lehibe ao amin’ny olombelona ny fanekena ka manatsara sy mahatonga ny asany tsirairay hahafinaritra ;
5. Izany no antony ilazana hoe: “Melius est obedire, quam sacrificare” ; izay midika hoe : tsara kokoa ny manaiky noho ny manolotra sorona.
6. Ary ny lalàn'ny Fiagonana koa milaza fa : “Nullum bonum est extra obedientiam” ; izany hoe : mba ho tsara izay rehetra ataontsika, dia tokony atao amin’ny fanekeka.
7. Noho izany, mba hahay hanaiky marina ny tsirairay: voalohany, ny didin'Andriamanitra, satria hoy ny Vaovao Mahafaly hoe: “Maledictus qui declinat a mandatis tuis” ; izany hoe: loza ho an’izay tsy mitandrina ny didinao.
8. Ary manarak’izany: amin’izay andidian’ny Fiagonana Reny Masina, satria hoy ny Vaovao Mahafaly hoe: “qui vos audit me audit et qui vos spernit me spernit” ; izany hoe : izay mihaino anareo dia mihaino ahy ; izay mankahala anareo, mankahala ahy.
9. Fahatelo: manaiky ny ekekany sy ny mpiandry ondriny, ary ny ray am-panahiny.
10. Ary ireo mpitantana vavy sy lahy ao amin’ny Fikambanana.
11. Ankoatr’izany : manaiky ny ray sy ny reny ary ireo lehibe hafa ao an-trano,
12. ka toroanay hevitra hangataka famelana amin’izy ireo indray mandeha isan-kerinandro, ho mariky ny fanekena ary mba itandroana ny fifankatiavana.
13. Manaiky ihany koa ny lalàna sy ny fitsipiky ny manam-pahefana sy ny mpitondra fanjakana.
14. Ary ambonin’izany rehetra izany : manaiky ny torohevitra sy ny bitsiky ny Fanahy Masina ao am-pontsika lalandava ao,
15. dia Izy, izay handrenesantsika feo mazava arakaraka ny hananantsika ny feon’ny fieritreretana madio sy mangarahara.

16. Satria, arak'izay nambaran'i Jesoa Kristy, ny Fanahy Masina dia: "docet nos omnem veritatem"; izany hoe : mampianatra antsika ny marina rehetra.
17. Eto am-pamaranana ary : manaiky an'Andriamanitra sy ny olombelona rehetra, noho ny fitiavan'Andriamanitra araka izay nolazain'ny Apôstôly,
18. raha tsy hoe mandidy zavatra mifanohitra amin'ny voninahitr'Andriamanitra sy ny fahamendrehantsika.

TOKO IX NY FAHAVIRIJINIANA

1. Mba hitazona tsara koa ny fahavirijiniana masina ny tsirairay,
2. tsy hoe amin'ny fanaovana voady namporisihan'olombelona akory fa amin'ny fanaovana sorona ny fony an-tsitrano tokoa ho an'Andriamanitra.
3. Satria ny fahavirijiniana araka izay ambaran'ny lalàn'ny Eglisy dia mampihavana amin'ny anjely rehetra,
4. fandresena ny fanirian-dratsy, mpanjakan'ny fahamendrehana rehetra,
5. ary manana ny harena rehetra izy.
6. Noho izany, tsy maintsy mitondra tena amin'ny zav-drehetra ny tsirairay, na aminy izany, na eo anatrehan'ny olona, mba tsy hisy fomba tsy mendrika ny mahavadin'ny Avo Indrindra.
7. Ary noho izany, ambonin'ny zava-drehetra, hitahiry ny fo madio sy ny feon'ny fieritreretana lavity ny hevi-dratsy rehetra,
8. ny aloky ny fitsiriritana sy ny hasomparana rehetra,
9. ny fisaraham-bazana rehetra ary ny fiahiahin-dratsy rehetra
10. ary ny firehana hafa sy ny finiavana ratsy rehetra.
11. Nefa, ho faly sy ho feno fitiavana, ary finoana sy fanantenana an'Andriamanitra izy.
12. Ary ho voahevitra tsara sy voalanjalanja ny fomba fiainany miaraka amin'ny hafa, tahaka izay ambaran'i Masindahy Paoly : "Modestia vestra nota sit omnibus hominibus", izany hoe : ny fahamaotinanareo sy ny fahamalinanareo anie mba

- ho hitan'ny olon-drehetra mibaribary ; ary noho izany, mba tsy hisy fitaka sy ho voalanjalanja tsara ny asa sy ny teninareo tsirairay.
13. Tsy hanononom-poana ny anaran' Andriamanitra.
 14. Tsy hianiana, fa hiteny am-pahatsorana fotsiny : Eny dia eny, na tsia dia tsia ; arak'izay nampianarin'i Jesoa Kristy.
 15. Tsy hitratrevatreva rehefa mamaly.
 16. Tsy hanao asa an-tsitrano ratsy.
 17. Tsy ho tezitra.
 18. Tsy himonomonona.
 19. Tsy hitati-dresaka ratsy na inona izany na inona.
 20. Farany, tsy hanao na asa, na fihetsika tsy mendrika an'ireo mitondra ny anaran'ny mpanompovavrin'i Jesoa Kristy.
 21. Fa aoka ny tenintsika, ny asantsika sy ny fihetsika ataontsika rehetra mba ho fampianarana sy ho modelin'ny fanorenana lalandava ho an'izay miara-miasa amintsika,
 22. izay mitory fa tokony hivaivay ao am-pontsika lalandava ny asa fitiava-namana.
 23. Ary koa mba ho vonona ho faty fa tsy hanaiky na oviana na oviana ny handoto na hanimbazimba ny firavaka sarobidy masina toy izany.

TOKO X NY FAHANTRANA

1. Farany, entaninay ny tsirairay hisafidy ny fahantrana,
2. tsy ny fahantrana hita maso amin'ny zava-mandalo fotsiny akory,
3. fa indrindra ny tena fahantran'ny fanahy izay entin'ny olombelona mandio ny fony tsy hifikitra
4. amin'ny zavatra nohariana, tsy hanantena azy ireo,
5. na ny tenany.
6. Fa ao amin' Andriamanitra izy no hahazo ny hareny rehetra; ary ivelan' Andriamanitra, hahatsapa fa tena hahantra tanteraka sy tsinontsinona tokoa, ary manana ny zava-drehetra izy raha miaraka amin' Andriamanitra.

7. Satria ny Vaovao Mahafaly manambara hoe : “ Beati pauperes spiritu, quoniam ipsorum est regnum caelorum”; izany hoe : sambatra ny mahantra am-panahy, fa azy ireo ny fanjakan’ny lanitra.
8. Noho izany, aoka hiezaka ny tsirairay mba hamoy ny zav-drehetra,
9. ka hametraka ny hareny rehetra, ny fitiavany ary ny hafinaretany, tsy ao amin’izay ananany akory,
10. na ao amin’ny sakafy sy ny fahafaham-po amin’ny fihinanana,
11. na ao amin’ny ray aman-dreniny sy ny namany,
12. na ao aminy sy ny harenany ary ny fahaizany,
13. fa ao amin’Andriamanitra irery ihany izay hany fahasoavany be fitiavana tsy hay lazaina.
14. Io no antony ilazan’ny Vaovao Mahafaly hoe: “Primum quaerite regnum Dei, et haec omnia apponentur vobis.”; izay midika hoe : katsaho aloha ny fanjakan’Andriamanitra, dia homena anareo izany zavatra hafa rehetra izany.
15. Ary niteny koa izy nanao hoe : “Nolite solliciti esse quod comedatis, neque quod bibatis : scit enim Pater Vester quia his omnibus indigetis”; midika hoe : “Aza maika hitady izay hohaninareo, na izay hosotroinareo, fa fanttry ny Rainareo izay any an-danitra tsara izay rehetra ilainareo ;
16. toy ny miteny mazava izy manao hoe : aza miahys ny amin’izay ilainareo akory ianareo, na iray aza,
17. Fa Andriamanitra irery ihany no mahalala sy afaka ary hanome izany ;
18. Izy izay tsy mitady afa-tsy ny soa ho anareo ary ny fifalianareo irery ihany.

TOKO XI NY FITANTANANA

1. Mba hitantana io Fikambanana io, dia tsy maintsy mifidy vehivavy virijiny efatra amin’ireo izay tena mahay sy afaka handray andraikitra ao amin’ny Fikambanana,

2. ary fara-fahakeliny zokiolona efatra, maty vady, malina sy mahitsy fiainana.
3. ary lehilahy efatra matotra sy manana traikefa.
4. Tsy maintsy ho mpampianatra sy ho mpitari-dàlana amin'ny fiainam-panahy ireo virijiny ireo.
5. Ary ireo vehivavy maty vady dia ho toy ny reny, feno fiahiana sy fikolokoana ho amin'ny tsara sy izay mahasoa ireo rahavaviny sy ny zanakavaviny ara-panahy.
6. Ary ireo lehilahy efatra dia ho toy ny mpiaro, eny, ho toy ny ray mihitsy aza, amin'izay filàn'ny Fikambanana.
7. na mihoatra na latsaka izany, arakaraka izay ilaina izany,
8. a) Ka noho izany, ireo virijiny efatra ireo dia handray tsara ho adidiny manokana : mamangy isan-tapa-bolana,
8. b) ireo virjiny hafa rehetra, ireo rahavaviny izay miparitaka ao an-tanàn-dehibe,
9. mba hankahery sy hanampy azy ireo raha misy toe-javatra nifandirana na koa fijaliana hafa, ara-batana na ara-panahy,
10. na koa raha misy amin'ireo lehibe ao an-trano nanao hadisoana amin'ny iray amin'izy ireo,
11. na te-hanakana azy hanao ny tsara,
12. na hitarika azy amin'ny loza hanao ny ratsy.
13. Ary raha tsy afa-manao izany izy ireo, dia tokony haka hevitra amin'ireo zokiolona.
14. Ka raha tsy afa-mamaha olana koa ireto farany, dia hanaiky tsara hampiantso koa ireo lehilahy efatra, mba hiarahan'ny rehetra miasa hamaha io olana io.
15. Raha kamboty ny iray amin'ireo rahavavy, ka tsy mahazo izay anjarany,
16. na koa raha vehivavy mpiasa an-trano, na manao zavatra hafa, ka tsy afaka mandray ny volany,
17. na koa tojo toe-javatra mitovitovy amin'izany, ka tsy maintsy mandeha fitsarana na lalàm-panjakana,
18. na manaiky ny hihavana (izay fomba tsara indrindra mety atao),
19. ka noho izany, ireo lehilahy efatra ireo, dia hanaiky tsara, am-pitiavana ho toy ny ray ka hiantsoroka io raharaha io sy hitondra fanampiana arak'izay ilàna izany.

20. Raha misy amin'ireo mpitantana vehivavy ireo no tsy eo, noho ny fahafatesana, na koa nesorina tamin'ny andraikiny, dia hivory ny Fikambanana, mba hifidy olon-kafa hamenoana ny isa ara-dàlana.
21. Ary koa, raha misy iray tsy afa-manao ny asany na ratsy fitondrantena, dia aoka izy ho esorina hiala amin'ny fitantanana.
22. Raha misy vola iombonana na fananana iombonana hafa, noho ny sitrapo sy ny fanomezan'Andriamanitra, dia ampatsiahivina fa tsy maintsy tantànana araka ny tokony ho izy
23. ary tsy maintsy ampiasaina am-pahamalinana,
24. Indrindra mba hanampiana ny rahavavy arakarak'izay mety ho filàn'ny tsirairay.
25. Raha nisy rahavavy, na dia roa fotsiny aza, mipetraka irery, tsy ray - tsy reny, na lehibe hafa, dia hanofàna trano izy ireo (raha tsy manana), noho ny fitiavana, ary iantohana koa izay ilainy.
26. Fa raha tsy misy afa-tsy olona iray, dia hanaiky handray azy ao an-tranony ny iray amin'ireo hafa,
27. ary hanome ny fanampiana arak'izay hitan'ireo mpitantana fa ilainy.
28. Kanefa, raha te-hiasa an-trano izy, tsy maintsy ho raisin'ireo mpitantana an-tànana ny raharaha, mba hitombina tsara amin'izany izy, hahazoany hiaina am-pahamendrehana.
29. Raha misy zokiolona efa antitra ka tsy afaka miahny ny tenany, dia iangaviako izy ireo mba hanaiky am-pitiavana ny ho karakaraina sy hampiana ary hotompoina toy ny vad'in'i Jesoa Kristy marina tokoa.
30. Farany, raha marary ny iray amin'ireo rahavavy, dia aoka ho vangiana izy, hampiana ary ho kolokoloina, andro aman'alina, raha ilaina izany.
31. Ary raha eo am-bavahoan'ny fahafatesana izy, dia aoka mba hamela zavatra kely ho an'ny Fikambanana, ho mariky ny fitiavana sy ny fanaovan-tsoa.

32. Raha maty ny iray amin'izy ireo, dia hiara-manatitra azy any amin'ny fasany ny rehetra, mamindra tsiroaroa, amimpitiavana, ary samy mitondra jiro ny tsirairay.
33. Ary mamaky ny vavaka ho an'ny maty ny rahavavy mahay mamaky teny ;
34. ary izay tsy mahay izany kosa, dia manao ny Rainay any andanitra sy ny Arahaba ry Maria in-telo amby telopolo,
35. mba hanalàn'i Jesoa Kristy azy, amin'ireo fijalian'ny fanahiny ao amin'ny afo fandiovana, dia i Jesoa ilay vadintsika malemy fanahy sy mpanasoa antsika,
36. ka hitondra azy amin'ny voninahitry ny lanitra miaraka amin'ireo virjiny hafa, misatroka ny satro-boninahitry ny virjiny voaravaka volamena, mampirapiratry ny hazavana.

**HAFATRA HO AN'IREO MPITANTANA NY
FIKAMBANANA**

SASINTENY

- 1 Avy amin'ny rahavavy Angèle, mpanompovavy tsy mendrika an'i Jesoa Kristy,
- 2 ho an'ireo zanany sy rahavaviny malala, ireo mpitantana ny Fikambanan'i Mb Ursule.
- 3 Ho aminareo rehetra anie ny hery sy ny fankaherezana avy amin'ny Fanahy Masina,
- 4 mba hahafahanareo mitàna sy mamita amin-kery sy am-pinoana ny adidy iantsorohanareo,
- 5 ka iandrasanareo ihany koa ny valisoa nomanin'Andriamanitra ho anareo, rehefa nanao izay tratra ny tsirairay aminareo, mba tsy hivadika fa hitsinjo hatrany an'ireo voafidiny
- 6 izay nankinina taminareo, mba hitandremanareo sy hitsimbinananareo azy ireo, toy ny mpiandry ondry malina sy mpitari-dalàna hendry.
- 7 Noho izany, toy inona no tsy maintsy ivavahanareo sy italahoanareo amin'Andriamanitra ny mba hanazavany sy hitarihany ary hampianarany anareo izay tokony ataonareo, noho ny fitiavana Azy Tompo; amin'ity asa lehibe nankininy aminareo ity ;
- 8 tsy misy anjara mendrika ankoatr'izany hoe : miaro ireo voafidin'ny mpiambina ny vadin'ny Avo indrindra izany !
- 9 Io no antony tsy maintsy iheveranareo ny fomba itiavanareo sy ankasitrahahanareo azy,
- 10 satria, arakaraka ny ankasitrahahanareo azy ireo, no hitiavanareo azy ; ary arakaraka ny hitiavanareo azy ireo koa, no hikarakaranareo sy hitsimbinanareo azy ireo.
- 11 Ary tsy ho azonareo atao ny tsy hisahiran-tsaina ny amin'izany, andro aman'alina, ary koa ny tsy hahatafalatsaka azy ireo ao am-ponareo, ianareo rehetra ary tsirairay, satria izany rahateo no takian'ny fitiavana marina.
- 12 Ary tsy tokony ho vesatra ho anareo io asa io, fa ny mifanohitra amin'izany aza, dia tokony hisaotra indrindra an'Andriamanitra ianareo noho Izy nifidy anareo mba hitandrina sy hitahiry ilay rakitra sarobidiny.

- 13 Fahasoavana tena lehibe ary anjara tsy hita ho saintsainina izany, raha tianareo ny hahafantatra azy ireo.
- 14 Aza matahotra ny tsy hahafantatra, na ny tsy ho afaka hanatanteraka izay takiana am-pahitsiana, amin'ity fitondrana hafakely ity.
- 15 Manàna fanantenana sy finoana matotra an'Andriamanitra ianareo, fa hanampy anareo amin'ny zava-drehetra Izy.
- 16 Mitalaho Aminy, manetre-tena eo ambanin'ny heriny lehibe, satria, tsy azo isalasalana, fa nankininy aminareo io adidy io, ka toy izany koa no hanomezany anareo ny hery rehetra ilaina hanatanterahana azy, raha toa ka tsy miala andraikitra ianareo.
- 17 Miasà, manaova hetsika maro, manàna finoana, miezaha, manàna fanantenana, ary manandrata feo amin'ny fonareo manontolo ;
- 18 ary tsy isalasalana fa hahita zava-mahagaga ianareo raha entinareo ho fankalazana sy ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra lehibe indrindra ary ho fanasoavana ny fanahin'ny maro ny zava-drehetra.
- 19 Ary amin'ny zavatra hafa izay tsy maintsy ataonareo miaraka amin'ny fahasoavan'Andriamanitra,
- 20 dia miangavy anareo rehetra aho, na ny marina kokoa, mitalaho aminareo ho fitiavana ny Fijalian'i Jesoa Kristy sy i Masina Maria Reniny, mba hikely aina hanatanteraka ireto hafatra vitsivitsy ireto,
- 21 izay avelako aminareo ankehitriny ho tontosainareo aorian'ny fahafatesako ; ho zary fampahatsiahivana anareo ny amin'izay sitrako sy izay faniriako.
- 22 Ka amin'izay no hahafantaroko raha hanao izay mahafaly ahy ianareo.
- 23 Satria, fantaro, fa velona kokoa aho izao noho ny fony mbola teto amin'izao fiainana izao ;
- 24 ka mahita tsaratsara kokoa, sy mitia ary mankasitraka hatrany ny asa soa ataonareo,
- 25 ary ankehitriny, afaka manampy sy manao soa anareo bebe kokoa amin'ny fomba maro isan-karazany aho.

Hafatra voalohany

1. Voalohany amin'izany, ry zanako sy rahavaviko malala ao amin'ny ràn'i Jesoa Kristy,
2. dia miangavy anareo sy mamporisika anareo aho hanetry tena marina. Mamporisika anareo aho mba hanao izay trtranareo, miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, mba hanananareo sy handatsaka am-ponareo ny fiekena lalina, tsy hihevitra anareo ho ambony noho ny hafa.
3. Fa toy ny mpanompo tsy mendrika kosa, ka hahatsiaro mandrakariva koa, fa ianareo no tokony hanompo, fa tsy hoe izy ireo no mila ho tomponia sy ho tantanana ;
4. ary afaka miahy azy ireo amin'ny fomba mendrimendrika kokoa noho ianareo Andriamanitra.
5. Fa noho ny indrafony aminareo sy hanasoa indrindra anareo, no nifidianany anareo ho fitaovana ampiasainy mba ho mendrika ny fitiavany tsy misy fetra ianareo, ary mba ho afaka hamaly soa anareo Izy.
6. Mianara ny Tompontsika, Izy izay nify ny toetry ny mpanompo, tamin'izy tety an-tany, nanaiky ny Rainy mandrakizay hatramin'ny fahafatesana.
7. Ary izany no ilazany hoe: “Ego fui in vobis non tamquam qui recubbit, sed ut qui ministrat” ; izany hoe : “Tonga eto afovoanareo aho, tsy tonga mba ho tomponia fa hanompo.”
8. Ary i Md Grégoire, na Papa Ray Masina aza, dia nilaza ny tenany hoe “mpanompon’ny mpanompon’Andriamanitra”.
9. Noho izany, niandraikitra ny asan’ny lehibe sy ny Papa izy ; fa ny tao am-pony anefa dia nihevi-tena ho toy ny madinika indrindra, toy ny mpanompon’ny mpanompon’Andriamanitra, mahatsiaro ny tenin’ny Evanjely hoe : “Izay lehibe aminareo no aoka ho kely indrindra”.
10. Torak’izany koa ianareo, meteza ho lehibe amin’izany fomba izany, ary fantaro ny tenanareo ka mihevera tena ho kely kokoa noho ny zanakavavinareo.
11. Satria raha manao toy izany ianareo, dia hasandratr’Andriamanitra, arakaraka ny fietrenareo tena.

12. Tsy dia hoe tsy misy antony, na tsinontsinona akory raha feno fanetren-tena ny fon'ny mpanompon' Andriamanitra marina sy malina, ka manadino tena fa tsy mirehareha amin'ny lazany ;
13. fa manantena sady miandry hafaliana tena izy avy amin' Andriamanitra izy ;
14. satria matoky tanteraka ny tenin'ny Evanjely izy hoe : “Qui se humiliat exaltabitur” izany hoe : “Izay manetry tena no hasandratra.”

Fitsipika faharoa

1. Aoka ho tia sy halemy fanahy amin'ireo zanaka malalanareo ianareo.
2. Ary miezaha hiasa atosiky ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny hafanam-po hamonjy fanahy ihany, rehefa manoro hevitra sy mananatra, mamporisika azy ireo amin'ny tsara, na manitsy azy ireo amin'ny ratsy.
3. Satria hisy vokany tsara kokoa izany raha atao am-pitiavana sy amin-kalemem-panahy, toy izay amin'ny fomba henjana sy feno fanomezan-tsiny,
4. izay tsy tokony hampiasaina raha tsy amin'ny zavatra ilaina izany ;
5. fa amin'izany koa aza, tsy maintsy jerena ny toerana sy ny fotoana hanaovana izany, arakaraka ny toetry ny olona.
6. Fa ny fitiavana ihany, izay mitondra ny zava-drehetra ho voninahitr' Andriamanitra sy ho fanasoavana ny namana, no manampy amin'ny fandanjalanjana toy izany,
7. sy manentana ny fo mba halemy paika sy mahatehotia indraindray ary ho henjana indraindray, arakaraka ny zava-misy.
8. Raha mahita anankiray kanosa sy saro-kenatra ianareo, na tratry ny hakiviana, dia ankaherezo izy, ampahatsiahivo azy ny famindram-pon' Andriamanitra, ary fenoy fanantenana ny fony amin'ny fanalana alahelo azy.
9. Ary ny mifanohitra amin'izany, raha misy iray hitanareo fa mieboebo toetra na miana-kendry, manao baranahiny, sahisahy loatra, dia tolory saina izy mba hanana fahatahorana


10. ary ampahatsiahivo azy ny hamafin'ny fitsaran' Andriamanitra,
11. ary hatraiza ny haratsian'ny fahotana, ka fomba ahoana no iainantsika eo anivon'ny fandrika maro, sy hitandremantsika amin-tahotra ny tenin'ny Soratra Masina hoe : « Sambatra ny olona matahotra ny Tompo».

Fitsipika fahatelo

1. Maneke ny lehibe napetrako hisolo toerana ahy, araka izay rariny sy hitsiny.
2. ary izay ataonareo, dia ataovy amim-panekena azy ireo, fa tsy araka izay fihetsem-ponareo.
3. Fa raha manaiky azy ireo ianareo, dia manaiky ahy, ary raha manaiky ahy dia manaiky an'i Kristy Jesoa,
4. Izy izay nifidy ahy, noho ny hatsarampony lehibe, na dia tsy mendrika aza aho, mba ho Renin'ity Fikambanana mendrika ity, na velona aho, na maty ;
5. ka, raha nifidy ahy Izy, dia nanome ahy koa ny fahasoaavana rehetra ilaina mba hitantanana azy araka ny sitrapony.
6. Ary izao, raha sendra misy ny fanananareo ny rariny, na misy hadisoana vitan'izy ireo, ka hananaranareo azy ireo, dia ataovy am-panetren-tena sy fanajana izany.
7. Ary raha toa ka tsy mihaino anareo izy, dia manàna faharetana sy fandeferana.
8. ary fantaro, fa adidy ny itiavana ny Reny raha tsara fanahy izy, ary ny izakana azy raha hafahafa izy.
9. Ary tandremenareo mafy ny mitaraina, ny mimenomenona, ny miteny ratsy azy ireo, na amin'ny olon-kafa na amin'ny zanakavavinareo.
10. Fa omeo voninahitra sy fanajana mandrakariva ireo Reninareo, fa raha ny Ray sy ny Reny ara-nofo aza asain' Andriamanitra hajaina, mainka fa ny Reny ara-panahy.
11. Ataovy noho izany àry izay tratry ny herinareo, mba ho voahaja manokana sy ho tiavin'ny zanakavavinareo izy ireo.

12. Ary tadio, fa raha tsara izy ireo, tsy mendrika izany ianareo; ary raha ratsy izy ireo dia mendrika ny ratsy kokoa noho izany ianareo.
13. Nefa raha sendra ka misy zavatra mampalahelo anareo avy aminy, azonareo atao tsara sy tsy am-pisalasalana, ny milaza mangingina izany amin'ny olona tsara azo itokisana tanteraka.
14. Fantaro anefa, fa raha hitanareo mazava fa mety hampididoza ny famonjena sy ny toe-panahin'ny zanakavavinareo ny zava-mitranga, dia tsy azonareo ekena mihitsy na leferina akory ary tsy ho matin-kenamaso ianareo noho izany.
15. Ary dia tanteraho avy hatrany amin'ny fahaizana mandanjalanja sy fahamatorana tanteraka izany.

Mb Angèle Merici



Hafatra fahaefatra

1. Aoka ianareo ho mailo sy ho malina amin'ny fahafantarana ny fomba aman-toetra ny zanakavavinareo, ary hahay hitsinjo izay rehetra ilainy ara-batana sy ara-panahy.
2. Ary ataovy izay hahatomombana izany araka izay fomba mety indrindra azonareo atao; satria tsy maintsy ezahinareo izay tsy hanelingelenana loatra sy hanome fahasahiranana an'ireo zokiolona (Lehibe).
3. Fa raha sendra tsy vitanareo izany, dia manatona haingana ireo Lehibe ambony, ary dia asehoz azy ireo tsy am-pisalasalana izay rehetra ilain'ny ondrinareo.
4. Raha hitanareo fa tsy rototra loatra izy ireo amin'ny fitadiavana izay mety, dia iangavio am-pitiavana ;
5. raha hitanareo fa tena ilaina, dia aza avela mihitsy raha tsy azo.
6. Fa raha sanatria ka misy very ny anankiray amin'izy ireo noho ny tsy fitandremareo, dia hohadinin'Andriamanitra mafy amin'izany ianareo amin'ny andro fitsarana.
7. Satria tsy maintsy fantatrareo fa hitsinjo izay ilain'ny fanahy amam-batanareo mandrakariva Andriamanitra.
8. Satria raha Andriamanitra no nanorina ity Fikambanana ity, dia tsy handao azy na oviana na oviana Izy ;
9. Fa hoy ny Soratra Masina hoe : “Numquam vidi iustum derelictum, nec semen eius quaerens panem” ; izany hoe : “Mbola tsy nahita ny olomarina sy ny taranany nandeha tanam-polo sy nangataka aho.”

Filazana fahadimy

1. Arakaraka ny fotoana sy izay fahafahanareo, indrindra amin'ny andro fety, dia aoka hamangy matetika ny zanaka sy rahavavinareo malala ianareo,
2. ka hiarahaba azy ireo, hanontany ny fahasalamany, hankahery sy hamporisika azy mba haharitra amin'ny lalana efa nizorany ;

3. hamporisiho izy ireo haniry ny hafaliana sy harena maharitra any an-danitra, ary hanomana ny fandraisana anjara amin'ireo fety lehibe vaovao sy feno hafaliana any an-danitra izay mitondra hasambarana tsy mety lefy ;
4. ary tsy hiraikitra amin'ny zavatr'izao tontolo izao, izay mandalo ihany, sady mpamitaka ary tsy hahitana fiadanana na hafaliana marina sy mateza,
5. fa nofinofy sy tolona mafy mampahory ary tsizarizary fotsiny.
6. Ampahatsiahivo azy ireo ny hitondrany tena tsara sy ho malina ary ho maotina any an-trano,
7. ary hanaja-tena sy hahalala onona amin'ny zava-drehetra.
8. Hihinana sy hisotro, tsy noho ny hafinaretana fotsiny, fa indrindra hitsinjovana ny fahasalamana ho enti-manompo ny Tompo tsaratsara kokoa.
9. Mba hahalala onony amin'ny torimaso koa, ka matory arak'izay ilaina ihany.
10. Ho tandremana toy izany koa ny fomba fihomehezana.
11. Tsy ho finaritra hihaino afa-tsy izay marina sy rariny ary mahasoa.
12. Mba tsy hilaza afa-tsy ny teny feno fahendrena sy voalanjalanja, sady tsy teny henjana maharary, no tsy mangidy, fa teny feno halemem-panahy, ka mitondra amin'ny firaism-po sy fifankatiavana.
13. Lazao azy ireo, fa na aiza na aiza misy azy, dia hanome ohatra tsara izy.
14. Ary hamerovero hatsaram-panahy amin'ny olon-drehetra izy ireo.
15. Ary mba hahay hanaiky sy hilefitra amin'ireo lehibeny izy ireo.
16. Ary hikatsaka fiadanana sy fihavanana hatrany amin'izay toerana rehetra misy azy.
17. Ary ambonin'izany rehetra izany, mba ho tsotra sy malemy fanahy.
18. Ka ny fitondran-tenany rehetra, ny asany sy ny teniny anie mba ho feno fitiavana sy faharetana, satria amin'ny

alalan'ireo hatsaram-panahy roa ireo indrindra no hamotehana ny lohan'ny satana.

19. Ary rehefa mamangy azy ireo ianareo, mba miangavy anareo aho hiarahaba sy handray tanana azy ireo amin'ny anarako.
20. Ary ambarao azy ireo ny hitiavany hiray hina tanteraka sy hiara-miaina ao anatin'ny fihavanana, amin'ny fanatanterahana izao andraikitra iombonana izao, hanaiky ny fitsipi-piainana, satria ao no misy ny zava-drehetra.
21. Mba hanome voninahitra an'i Jesoa Kristy, izay nanokanan'izy ireo ny fitiavany sy ny tenany manontolo.
22. Mba hametraka ny fanantenany sy ny fitiavany ao amin'Andriamanitra irery ihany, fa tsy amin'ny olombelona.
23. Hampaherezo sy hamporisaho izy ireo, hahery fo hatrany.
24. Ary ambarao amin'izy ireo ity Vaovao Mahafaly ity, izay ambarako aminareo avy amin'i Jesoa Kristy sy i Masina Maria
25. hatraiza no tsy maintsy hiravoravoan'izy ireo, satria misy satro-boninahitra sy hafaliana miandry antsika rehetra sy ny isam-batan'olona any an-danitra,
26. raha toa ka mafy orina sy maharitra amin'ny fikasana masina izy ireo.
27. Ary miezaka hitandrina ny Fitsipika.
28. Aoka tsy hisy hisalasala ny amin'izany.
29. Marina fa hahita fijaliana sy zava-manahirana izy ireo indraindray ; nefo handalo ihany izany ary hody hafaliana sy firavoravoana.
30. Ary ny fijaliana amin'izao fiainana izao koa dia tsinontsinona raha oharina amin'ny harena miandry antsika any am-paradisa.
31. Aoka hatoky koa izy ireo, fa tsy hilaozana na oviana na oviana amin'izay ilainy rehetra. Hitsimbina azy ireo amin'izany amin'ny fomba mahagaga Andriamanitra.
32. Mba tsy hanary toky izy ireo.
33. Firifiry akory amin'ireo olona manan-kaja sy mpanapaka, na dia manana ny hareny sy ny fahefany aza, no tsy mahazo fankaherezana sy fanalana alahelo marina amin'ny tena ilainy izany !

34. Fa izy ireo kosa, na anatin'ny fahantrana aza, dia hahita fankaherezana sy fampiononana hatrany.
35. Holazainareo azy ireo fa amin'izao fotoana izao indrindra aho no velona noho ny tamin'ny andro niainako teto an-tany,
36. ary mahita sy mahafantatra azy ireo tsaratsara kokoa aho ankehitriny.
37. Sady afaka no te-hanampy azy ireo bebe kokoa hatrany.
38. Ary eo afovoan'izy ireo mandrakariva aho, miaraka amin'Ilay Malalako, na ilay Malalantsika rehetra no marimarina kokoa,
39. raha toa ka mino sy manantena ary matoky mandrakariva izy ireo.
40. Ampitomboy ao amin'izy ireo, ireo fampanantenana ireo, izay ho tanteraka an-tsakany sy an-davany, indrindra eo amin'ireo mila fanalàna alahelo, misalasala ary malaindaina.
41. Lazao izy ireo mba hanana faniriana ny hihona amiko, tsy eto an-tany fa any an-danitra, izay misy an'Ilay Malalantsika, Jesoa.
42. Aoka hametraka ny fanantenany any ambony izy ireo, fa tsy amin'ny zavatra mandalo eto an-tany.
43. Mba ho harena tokana sarobidy ho azy ireo anie i Jesoa Kristy, satria ao Aminy irery ihany ny fitiavan'izy ireo manontolo ;
44. Izay tsy tokony ho tadiavina eto amin'ity fiainana ity fa any ambony, eo ankavanan'ny Ray, araka ny tenin'i Apôstoly hoe : “Si consurrexitis cum Christo, quae sursum sunt quaerite, quae sursum sunt sapite, et non quae super terram” izany hoe: “Raha niara-nitsangana tamin’i Kristy ianareo, dia ny zavatra any ambony fa tsy ny zavatry ny tany no katsaho.”

Fitsipika fahaenina

1. Raha ny aminareo kosa, manaova fitondran-tena tsara sy mendrika, mba ho tahafin'ny zanakareo.
2. Ary izay irinareo hataony dia tanteraho ao aminareo aloha.

3. Ataonareo ahoana moa ny hiteny sy hananatra azy ireo, amin'izay tsy mety ataony, raha hitany fa ianareo aza manao toy izany koa ?
4. Na hanoro hevitra sy hamporisika azy ireo amin'ny hatsaram-panahy, raha ianareo aza tsy manomboka izany akory ?
5. na farafaharatsiny mba hiaranareo manomboka amin'izy ireo izany hatsaram-panahy izany ?
6. Noho izany, ataovy izay tratry ny herinareo mba handrisika sy hanazatra azy ireo hiaina ny hatsaram-panahy, noho ny ohatra avy aminareo.
7. Ary aoka ianareo ho fakan-tahaka ho azy ireo amin'ny fomba fihetsika sy hatsaram-panahy araka izay azonareo atao, fa indrindra eo amin'ny fitondran-tena, ny fahazotoana mandray ny Sakramentan'ny Fampihavanana sy ny Eokaristia ary ny hafa toy izany.
8. Rariny sy hitsiny manko raha tonga ohatra sy fitaratra ho an'ny zanany, amin'ny fahamendrehana sy fahamaotinana amin'ny fitondran-tena amin'ny fiainany andavanandro ny Reny.

Hafatra fahafito

1. Fantaro fa adidinareo ny miaro sy miambina ny ondrinareo amin'ny mpangalatra sy ny amboadia ; izany hoe miaro azy amin'ireto karazan'olona mampidi-doza ireto : amin'ny olon'izao tontolo izao na « ny relijiozy sandoka » miaraka amin'ny fitaka ataony ary ireo mpanaraka hevi-diso.
2. Voalohany amin'izany, mikasika ny fifandraisana amin'izao tontolo izao, tandremo mba tsy hifandray be loatra amin'ny tanora, indrindra ny lehilahy izy ireo, eny fa na dia olon'ny finoana aza,
3. satria ny fifandraisana ara-panahy amin'ny lehilahy diso tafahoatra, dia matetika miova amin'ny fifandraisana aranofo.
4. Araka izay azonareo atao, aza avela hifanerasera amin'ny vehivavy midonahanaham-poana izy ireo, izay tsy tia miaina am-pahadiovana,
5. ary tia resaka valavala sy fitadiavana fahafinaretana fotsiny.

6. Tandremo tsara mba tsy hisy na mpampikonfesy, na relijozy hafa nanodinkodina azy amin'ny ny toe-po tsara ananany,
7. na amin'ny fifadian-kanina,
8. na amin'ny fikasana tsara mba ho virjiny,
9. amin'ny fankamamiana ity Fitsipi-piaianana Masina ity,
10. na koa amin'ny zavatra hafa tsara toy izany.
11. Satria, maro ireo mody hoe manoro hevitra tsara an'ireo zanakavavy tsotra ireo no manodinkodina azy ireo amin'ny fikasany tsara sy ny fanapahan-keviny.
12. Raha ny amin'ny fiarovana azy ireo amin'ny hevitra mampidi-doza, raha renareo fa misy olona mitaona azy amin'izany
13. na mitory vaovao hafa ivelan'ny fomba mahazatra ny Fiagonana,
14. ary mifanohitra amin'izay noraisinareo taminay,
15. dia sakano amin'ny fahaiza-mandanjalanja ny zanakareo tsy hihaino izany olona izany.
16. Satria, matetika, rehefa raiki-tapisaka ao an-tsaina ny voa ratsy, dia sarotra ny manongotra azy avy eo.
17. Noho izany, aoka koa ianareo tsy hifankazatra amin'izy ireny.
18. Avelao any izy ireo.
19. Hevero ho toy ny olona tsara ny tsirairay,
20. fa mbà malina amin'izay mahasoanareo ianareo.
21. satria tsaratsara kokoa ny manaraka izay zavatra azo antoka fa tsy mampidi-doza ; toy izay hanaraka izay mampisalasala fa mampidi-doza.
22. Mizora amin'ny lalana sy ny fomba taloha natoron'ny Fiagonana, lalana nizoran'ny olomasina, sady notsilovin'ny Fanahy Masina. Ary manaova fiaianam-baovao.
23. Aza asian-danja ny amin'ireo hevitra samihafa izay miseho sy mbola hiseho, fa hevero ho toy ny zavatra tsy mahakasika anareo izany.
24. Fa mivavaha, ary mampivavaha ny hafa, mba tsy hilaozan'ny Tompo Andriamanitra ny Fiagonany fa havaoziny araka izay sitrany,
25. sy heveriny fa mahasoanantsika,
26. ary ho an'ny hajany sy ny voninahiny.

27. Fa amin'izao fotoan-tsarotra sy mampidi-doza izao, dia tsy misy afa-tsy eo an-tongotr'i Jesoa Kristy no hany fialofana tokana azonareo hidodododoana.
28. Satria raha Izy no mitantana sy manoro anareo, dia ho voatoro hevitra tsara ianareo, araka ny tenin'ny Mpaminany hoe: "Sambatra ny olona toroanao hevitra ry Tompo."
29. Koa manetre-tena ao ambany sandry maherin'Andriamanitra, miantsoantsoa Azy araka ny tenin'ny Mpaminany hoe: "Ahirato ny masoko, tsy ho rendriky ny torimasom-pahafatesana.", dia hahita izay lalan-kombana ianareo.

Hafatra fahavalô

1. Tiavo ny zanaka malalanareo, ary aza manam-pitiavana manokana an'itsy na iroa,
2. satria samy zanak'Andriamanitra avokoa izy rehetra. Sady tsy fantatrareo izay fikasan'Andriamanitra momba azy ireny.
3. Fomba ahoana tokoa moa no ahafahanareo mahalala fa mety izay neverina ho osa sy tsinontsinona indrindra no hanjary be fiantrana sy fahafoizan-tena ary ankasitrahany' Avo indrindra kokoa
4. Ary iza koa no afaka mitsara ny ao am-po na mahalala ny hevitra miafina ao an-tsain'ny tsirairay ?
5. Noho izany, raiso am-pitiavana izy ireo ary zakao tsy misy avakavaka, satria tsy anjaranareo ny mitsara ny mpanompon'Andriamanitra : fantany tsara izay tiany atao azy ireo,
6. Izy izay (ambaran'ny Soratra Masina) fa afaka hanova ny vato ho zanaky ny lanitra.
7. Fa tanteraho ny adidinareo amin'ny fananarana azy ireo am-pitiavana, raha sendra ka lavo izy ireo, noho ny halemen'ny olombelona ;
8. ary amin'izay dia tsy hitsahatra ny handrantsana ity voaloboka nankinina taminareo ity.
9. Ary avy eo, aoka ho asan'Andriamanitra ny sisa : Izy no hampamokatra ara-potoana, araka ny sitrapony.

Hafatra farany

1. Ny teniko farany aminareo – ary ambarako sy italahoako anareo na dia handatsahako ny rako aza izany – dia ny hiainanareo ao anatin’ny firaism-po sy saina, amin’ny fiombonam-po tanteraka sy faniriana tokana ihany.
2. Ny fitiavana no aoka ho fatorana hampiray anareo, ka hanao ny rahavavy ho zavatra ianareo, hifanampy sy hifampizaka ao amin’i Jesoa Kristy.
3. Satria raha miezaka ho toy izany ianareo dia tsy isalasalana fa eo anivonareo ny Tompo Andriamanitra ;
4. hitsimbina anareo amin’izany i Masina Maria,
5. sy ny Apôstoly,
6. ny Olomasina rehetra,
7. ny Anjely,
8. mbamin’ny lanitra sy ny tany omban’izay rehetra ao aminy.
9. Fa izany tokoa no nandaharan’Andriamanitra ny zavatra rehetra hatrany am-boalohany, ka izay rehetra miombona amin’ny voninahiny dia hahita fanambinana, izay rehetra hataony dia hahomby avokoa, satria manana an’Andriamanitra sy ny voaary rehetra ao aminy.
10. Hitanareo amin’izany, hatraiza ny hasarobidin’ny fiombonana sy ny firaism-po aman-tsaina.
11. Koa irio àry,
12. tadiavo,
13. katsaho,
14. ary tano amin’ny herinareo rehetra,
15. Satria ambarako aminareo fa raha miaina ao anatin’ny firaism-po tanteraka ianareo, dia ho toy ny rova miorina ambony vatolampy,
16. tsy mikemo eo anatrehan’ny fahoriana rehetra,
17. sy ny fanenjehana
18. ary ny fanangolen’ny demony.
19. Ary lazaiko marina dia marina aminareo, fa na inona na inona fahasoavana hangatahinareo amin’Andriamanitra, dia homeny anareo avokoa.

20. Ary ho eo anivonareo mandrakariva aho, hanampy ny vavaka ataaonareo.
21. Entano sy ankaherezo àry ny zanakareo mba hanohy ny asa efa natomboka.
22. Ary miaraha mifaly satria tsy misy isalasalana fa ho tanteraka izay rehetra nambarako taminareo.
23. Satria Ilay tia ahy, Ilay tia antsika no hanome anareo fahasoaavana-dehibe izay tsy azo saintsainina amin'ny fotoana faratampon'ny fahafatesana,
24. satria amin'ny andro mahory indrindra no tena ahitana ny fifankatiavana marina.
25. Ary matokia fa amin'izay dia ho fantatrareo fa tena sakaiza mahatoky aho.
26. Ankehitriny dia handao anareo aho ; aza malahelo anefa, fa manàna finoana velona sy fanantenana.
27. Nefa alohan'izany, dia tiako raha ho voatsodrano ianareo, amin'ny anaran'ny Ray, sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amen.

DIDY MIAFINA
NATAON'NY RENY SY RAHAVAVY ANGELE
NAPETRANY TAMIN'IREEO ZOKIOLONA INDRINDRA

*Dikan-teny araka ny dika voasoratra ao amin'ireo
tahirintsoratra miafina ao Vatikana*

DIDY MIAFINA NATAON'NY RENY RAHAVAVY ANGELE

NAPETRANY AMIN'IREO ZOKIOLONA

TENY MIALOHA

1. Rahavavy Angèle, mpanompo tsy mendrika an'i Jesoa Kristy,
2. hoan-dRamatoa tompomenakely Lucrezia, Reny lehiben'voalohan'ny Fikambanan'i Masimbavy-Ursule, ary hoan'ireo mpitantana vehivavy sy reny, zokiny indrindra hajaina Ramatoa Genepra di Luciagi, Ramatoa Maria di Avogadri, Ramatoa Veronica di Bucci, Ramatoa Orsolina di Gavardi, Ramatoa Giovanna di Monti, Ramatoa Isabella da Prato, Ramatoa Lionella di Pedeciocchi, Ramatoa Caterina di Mei.
3. Ho aminareo rehetra anie ny tsodrano mandrakizay, omen'ilay Andriamanitra mahefa ny zava-drehetra, amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.
4. Ry rahavaviko sy reniko hajaina, tena tiana ao amin'ny Ran'i Jesoa Kristy,
5. satria sitrak'Andriamanitra sy ny Fanahiny Masina ny nifidy anareo, rehetra vehivavy marobe, indrindra ireo virjiny manokana, hiala amin'ny eboebon'izao tontolo izao, sy niantso anareo ato amin'ny Fikambanantsika,
6. ary satria nahafaly Azy tao anatin'ny hatsarany tsy mety ritra ny nampiasa ahy toy ny fitaovany amin'ny Asany, asa soa lehibe,
7. na inona maha-panompovavy tsy mendrika sy tsy ilaina ahy mihitsy,
8. dia Izy koa, tao amin'ny hatsaram-panahiny mahazatra, dia sitrany ny nanome izany fahasoavana manokana ho ahy izany, ka nahafahako nitantana azy ireo araka ny sitrapony,
9. ary niahysy sy nitsimbina azy ireo amin' izay ilainy, ary indrindra ny hitarika hatrany sy hampaharitra hitàna azy ireo amin'ny toe-piainana nosafidiana – niantsoana azy.
10. Ary ianareo no lohalaharana amin'ireo zava-tsoa sy ilaina nomanin'Andriamanitra ho ahy,

- 11.ianareo izay hita fa mendrika ny ho Reny marina tokoa sy be fitiavana ilay fianakaviana ambony fanahy loatra,
- 12.nankinina taminareo,
- 13.mba hanananareo fikolokoloana sy fiahiana azy mihoatra ny naloaky ny kibonareo.
- 14.Eto dia tiako ihany ny manokatra ny mason-tsainareo mba hihevitra ny fahasoavan-dehibe sy mahasambatra nomena anareo,
- 15.fa nofidin'Andriamanitra ho Renin'ny vehivavy virijiny maro ianareo,
- 16.ary nametrahany ireo malalany eo am-pelatànananareo ka nanankinany azy ireo ao amin'ny fitantananaareo.
- 17.Hatraiza no tokony isaoranareo Azy amin'izany, Tsy maintsy misaotra azy eto ianareo,
- 18.sy hivavahanareo Aminy koa miaraka amin'izany
- 19.satria nanaiky hametraka anareo hitantana izany andian'ondry feno haja sy voninahitra izany Izy,
- 20.sy hanome anareo koa ny fahendrena sy ny fahaizana hahatontosanareo izany asa mendrika fiderana eo imasonry izany,
- 21.ary hitandrina sy hametraka ny herinareo rehetra amin'ny adidinareo,
- 22.Noho izany, tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra mazava sy hentitra ianareo, hanaiky tanteraka ny sitrapony,
- 23.ary, ho feno finoana miredareda sy tsy azo ozongozonina, handray avy Aminy izay asa hataonareo mba ho fitiavana Azy.
- 24.Ary amin'izany (na inona mety hitranga) mahareta hatramin'ny farany.
- 25.Nefa ambonin'izany rehetra izany, miangavy sy mitalaho aminareo rehetra aho, noho ny Fijaliana sy ny Ràn'i Jesoa Kristy nalatsaka ho fitiavana antsika,
- 26.ny mba hanekenareo hampihatra an-tsitra-po, sy am-pitandremana araka izay azonareo atao, ireto hafatra filazana vitsivitsy ireto
- 27.fa noho ny fahasoavan'Andriamanitra, dia ho hitanareo velabelarina tsirairay aminareo eto ambany.

28. Satria, noho izaho efa handao ity fiaainana ity ankehitriny
29. ary mameetraka anareo eo amin'ny toerako ho toy ny mpandova ahy,
30. fa faniriako fatratra, ny hamela aminareo ho lova sy tolotra ho anareo, ireo filazana ireo, izay avelako ho tanterahinareo an-tsakany sy an-davany.

Lova voalohany

1. Voalohany indrindra, ry Reny sady Rahavavy malalako amin'i Jesoa Kristy,
2. mikeleza aina ianareo, miaraka amin'ny fanampian' – fahasoavan' Andriamanitra, mba hankamamy sy hitahiry ao aminareo izany fihetsaham-po tsara loatra anamanareo izany,
3. mba ho entanin'ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny zoto-po hamonjena ny olona irery ihany ianareo, amin'ny fiahiana sy fitantanam-panahy.
4. Satria izay rehetra ataonareo sy hosahaninareo amin'ny fitantanana, noho izy miorina amin'izany fitiavana roa sosona izany, dia tsy hitondra afa-tsy vokatra tsara indrindra sy mahavonjy.
5. Fa hoy indrindra ny Mpamonjy antsika : « Ny hazo tsara tsy mety hamoa voa ratsy ». Ny hazo tsara, hoy Izy, dia tsy inona fa izay fo mirehi-pitiavana ny namana, ka tsy manao afa-tsy izay asa tsara sy masina.
6. Izany koa no antony nilazan'i Masindahy Augustin hoe : « Tiava dia ataovy izay tianao », izay midika hoe : manàna fitiavana sy fiantrana namana, ampanjakao ny fitiavana ary ataovy izay tianao hatao ;
7. toy ny milaza mazava izany fa “tsy mety manota ny fitiavana”.

Lova faharoa

1. Ary dia mbola miangavy anareo indray aho mba hikarakara fatratra ny zanakareo, ka hitondra azy ireo tsirairay avy, ao an'eritreritrareo sy ao am-ponareo ;
2. tsy hoe amin'ny anarany fotsiny,
3. fa izay maha-izy azy tsirairay avy, ny toetrary sy ny toe-javatra iainany ary izay rehetra mikasika azy.

4. Tsy hananosarotra amin'izany ianareo raha hatoninareo raisinareo am-pitiavana izy ireo.
5. Fa move tsy torak'izany ny reny ara-nofo, na firy na firy zanany, dia entiny ao am-pony ao izy tsirairay avy,
6. satria izany no vokatry ny tena fitiavana marina.
7. Toa arakaraka ny hamaroany aza no vao mainka mampitombo ny fitiavany sy ny fitsimbinany ny tsirairay avy.
8. Noho izany indrindra, no antony ahafahan'ireo Reny ara-panahy miasa toy izany,
9. satria ny fitiavana ara-panahy dia mihoatra lavitra ny fitiavana ara-nofo.
10. Noho izany, ry Reny malalako isany, raha tia ireo zanakareo marina tokoa àry ianareo,
11. dia tsy ho azo saintsainina velively akory ny tsy haharaikitra azy ireny tsirairay ao an-tsaina sy ao am-ponareo.

Lova fahatelo

1. Fahatelo : miangavy sy mitalaho aminareo aho, miezaha hitondra ny zanakareo am-pitiavana sy amin-kalemem-panahy,
2. fa tsy amin'ny fomba jadona na “manao teniko fe lehibe”, na henjan-daotra ;
3. fa aoka ho mahatehotia ianareo amin’ny fotoana rehetra .
4. Jereo i Kristy izay nilaza hoe : “Mianara Amiko, fa malemy fanahy sy manetry tena ao am-po Aho”.
5. Ary hita ao amin’ tenin’Andriamanitra ny hoe : Entiny na tantanany am-pitiavana ny zava-drehetra.
6. Mbola hoy ihany i Jesoa Kristy : “Maivana ary mamy ny jiogako, izany hoe ny adidiko”.
7. Toy izany koa ianareo, dia tsy maaintsy miezaka hampanjaka, araka izay azonareo atao, ny halemem-panahy amin-kamoram-po.
8. Fa indrindra, fadio ny manao an-tery setra ny hafa,
9. satria samy nomen’Andriamanitra fahafahana – fahalalahana ny isam-batan’olona,
10. ary tsy te-hanery na iza na iza Izy,

11. fa ny hany ataony dia ny manoro hevitra, mandrisika, ary mananatra,
12. toy izay nataony tamin'i vavan'i Md. Joany hoe : "Manoro hevitra anao Aho, mba hividy ny fehiloha izay tsy halazo mihitsy. Manoro hevitra anao Aho, hoy Izy, fa tsy hoe : "Mandidy anao Aho".
13. Tsy midika anefa izany fa tsy ilaina ny fibedesana mbamin'ny fitenenana mafy,
14. amin'ny fotoana sy ny toerana ilaina izany, araka ny zavamisy sy izay sahaza ny tsirairay.
15. fa na amin'izany aza anefa, dia tsy maintsy ny fitiavana irery ihany no aoka hanosika antsika.

Lova fahaefatra

1. Fahaefatra : Irio sy katsaho indrindra, amin'ny -fikolokoloinareo ny zanaka malalanareo, ny mampiasa ny sainareo mba hahatonga azy ireny ho feno hatsaram-panahy,
2. amin'ny fomba mendrika sy tsara,
3. mba ho mendrika sy mahafinaritra hatrany an'i Jesoa Kristy, ilay Malalany.
4. Aoka hikely aina tsy tapaka ianareo mba hananan'izy ireo ny fahadiovana sy ny fahitsiam-po amin'ny fitondran-tena,
5. ary mba ho feno fahamarinana sy fahamalinana ny fihetsika sy izay ataony rehetra,
6. ary mba hanao ny zava-drehetra amim-paharetana sy amimpitiavana hatrany izy ireo.
7. Mba jereo anie ny ataon'ny reny ara-nofo miikolokolo ny zanany vavy, sy miezaka tokoa mba hampihaingo, handravaka ary koa hanatsara amin'ny fomba maro isankarazany, mba hanomezan'ireo fahafaham-po ny vadiny eto an-tany ;
8. ary arakaraka ny maha-ambony sy manan-kaja ny vadiny, no mampiezaka azy ireo bebe kokoa, hahatonga hanintona indrindra an'izay mahafinaritra azy ireny.

9. Ary manana sy mametraka ny fifalian'izy ireo amin'ny hoe : milofo ho renin-jazavavy izay ankamamiam-bady tena ambony toetra ;
10. ka manantena sy miandranda amin'izany fomba izany, ny ho tiam-binanto izy ireo, noho ny zanany vavy.
11. Koa fantaro hatraiza no tsy maintsy ataonareo manoloana ireo zanakavavin'ny lanitra, izay tsy iza fa zanakareo,
12. izy ireo, izay tsy vadin'olombelona manana ny fetrany sy ny zava-dratsy ao aminy,
13. fa vadin'Ilay Zanaky ny Ray tsy mety maty mandrakizay.
14. Voninahitra toy inona re izany mpiandry sy renin'ny vadin'ny Mpanjakan'ny mpanjaka, Tompon'ny tempoko,
15. sady izay indray tonga rafozan'ny Zanak'Andriamanitra,
16. ka mahazo amin'ny alalan'izy ireny ny fahasoavana sy ny fitiavan'ny Avo Indrindra !
17. Ho ampoka hasambarana tokoa ianareo raha mahazo sy mahatsapa izany toeranareo miavaka izany !

Lova fahadimy

1. Rehefa nantsoinareo sy nanarinareo tamin-kamoram-po intelo na farafahabetsany indrindra inefatra ny zanakareo iray noho ny fahadioany miharihary,
2. ka tsapanareo fa tsy te-hanaiky mihitsy izy,
3. dia avelao amin'izay izy
4. ary aza ampiantsoina sy andefasana mpamangy intsony ;
5. mety hampiverin-doha azy izany satria rehefa mahatsiaro tena ho tsy misy mpijery sy tsy misy mpiraharaha izy dia mety hanenina marina tokoa, ka indro fa hiverina ho azy
6. sy hampitsimoka ao anatiny ny faniriana ho zanaka an-trano eto amin'ny Fikambanana
7. sy haharitra amin'ny tsara
8. Fa na Andriamanitra aza nandroaka an'i Adama tao am-paradisa an-tany, mba hahatsapany sy hahafantarany mazavazava kokoa ny haratsian'ny ota ka hivalozany amin'izany.
9. Noho izany, raha mbola te-hiverina ilay rahavavy fa nanenina amin'ny hadisoany, dia aoka horaisina,

10. Tsy maintsy hangatam-pamelana amin'ny rahavavy rehetra sy amin'ny Lehibeny.
11. Ary ho fanonerana ny fahadioany, dia asaina mifady hanina izy, zomà iray, ka tsy hitendry afa-tsy mofo sy rano ihany.

Lova fahaenina

1. Aoka ho malina ianareo raha misy zanakareo iray mbola tanora fatra-pifikitra loatra amin'ny fahazaran'izao tontolo izao sy amin'izay tsy dia manan-danja firy ;
2. fantaro ary ekeo dieny mialoha fa tsy haharitra ato amin'ny Fikambanana izany olona izany.
3. Satria raha ny kely sy ny bitika aza tsy tiany hatao, ahoana no haharetany amin'izay lehibe kokoa?
4. Aoka anefa ho malina sy hilamina ihany ianareo, satria misy olona sasany izay tena mahavanon-doza noho ny hadalany, fa raha vao nahatohitra izany tsy fahamendrehany izany kosa anefa izy dia tsy hananosarotra intsony amin'ny fiadiana amin'ny hafa.

Lova fahafito

1. Aoka hisy fihaonana amin'ny Lehibe indroa na farafaharatsiny indray mandeha ahay isam-bolana,
2. iaraho mijery
3. sy hadihadio tsara ny fizotran'ny Fikambanana.
4. Ary aoka ianareo handinika sy hanara-maso akaiky izay lazain'ny Lehibenareo momba ny fitondrantenan'ny zanakareo
5. omban'izay rehetra ilainy, na ara-panahy izany
6. na ara-nofo.
7. Dia araho avokoa izay bitsihin'ny Fanahy Masina aminareo!

Lova fahavalو

1. Vorio amin'izay toerana sy fotoana hitanareo fa mety ny zanakareo.

2. Ary amin'izay, raha mahita olona havanana amin'ny fanaovana famporisihina ianareo, dia asaivo mihaino izany izy ireo ;
3. mba hahatsapàny ny maha-mpirahavavy mpiray tampo azy ireo,
4. ka hifaliany sy hifampiresahany momba ny ara-panahy,
5. hifankahery,
6. ary hanovo harena anaty izy ireo, ho soa ho azy!

Lova fahasivy

1. Aoka ho fantatrareo fa raha tsy mahasoa ny Fikambanana ny fidiram-bola dia tsy nomen'Andriamanitra hatrany amboalo hany izany.
2. Mampitandriana anareo anefa aho : aoka ianareo ho malina amin'izany,
3. ho reny mendrika sy tsara,
4. ary ampiasao sy tantano hanasoavana sy hampandrosoana ny Fikambanana izay vola anananareo, araka izay hitanareo fa ilaina, amin'ny fitiavan-dreny ao aminareo.
5. Aza maka torohevitra amin'ny olona any ivelany ny amin'io;
6. fa makà fanapahan-kevitra aminareo ihany,
7. araka izay lalam-pitiavana sy ny bitsiky ny Fanahy Masina ao aminareo,
8. ho fanasoavana ny fanahin'ny zanakareo,
9. ka ho fanatsarana izay efa ao anatiny,
10. sy ho fitarihana izay mbola any ivelany.
11. Fa izao no tena ankasitrahan'Andriamanitra amin'ny hamoram-po sy fanaovana fiantrana dia ny hanafaka ny olona amin'ny ratsy,
12. ary hitondra sy hampaharitra azy amin'ny fomba tsara,
13. na farafahakeliny hampivoatra azy ara-panahy.
14. Satria amin' izany, dia toa voatery ny olona hanao izay tantsika..
15. Ka mova tsy toy ny tovovavy iray, izay nandray fanomezana ka manjary voageja eo anatrehan'ilay mpanome

16. ary tsy afa-mandà azy intsony ;
17. Toy izany koa, ny olona izay ampiantsika amin'ny fiantrana dia tarihina hanao ny soa sy ny tsara ary toa terem-panahy izy ireo hanana fitondran-tena tsara koa.
18. Araho ity lèlana ity dia tsy ho diso ianareo.

Lova fahafolo

1. Miangavy anareo amin'ny foko tontolo aho, mba tsy hikely soroka ny ho toy ny mpiandry malina an'ity ondrin'ny lanitra ity ianareo,
2. napetraka eo am-pelatananareo,
3. mba tsy hisy fisarahana na fanafintohinana,
4. fa indrindra, mba tsy ho lotoin'ny hevi-diso mampidi-doza izay mihanaka amin'izao androntsika izao izy ireo.
5. Fantaro fa tsy mba matory na oviana na oviana ny demony, fa fomba maro samihafa no ikarohany hanimbana antsika.
6. Koa miambena ianareo,
7. ary indrindra katsaho hatrany ny firaisam-po sy firaisantsinan' ny zanakareo, toy izay hita teo amin'ireo Apôstôly sy ny Kristianina tany am-piandohan'ny Fiagonana : *mba ho iray fo hatrany izy ireo.*
- 8 Ary ianareo koa, mikeleza aina mba hiray fo sy faniriana ny zanakareo,
- 9 satria arakaraka ny firaisam-po misy ao aminareo no haha-eo anivonareo an'i Jesoa Kristy, toy ny Ray sy Mpiandry ondry tsara.
- 10 Tsy hisy famantarana fa miaina ao amin'ny Fahasoavan'Andriamanitra ianareo ankoatry ny fifankatiavana sy ny firaisam-ponareo,
- 11 fa hoy Izy :"Ny hahafantaran'ny olona fa mpianatro ianareo dia raha mifankatia".
- 12 Ny fifankatiavana sy ny fiombonana no famantarana marina fa mizotra amin'ny lala-mahitsy sy ankasitrahana'Andriamanitra isika.

- 13 Noho izany, ry rahavavy sady reny malalako, mitandrema fa amin'izany indrindra ny demony no hamitaka sy hamandrika anareo, amin'ny endriky ny zavatra tsara.
- 14 Koa raha vao tsikaritrareo, na dia aloka kely fotsiny aza, fa misy areti-mifindra mananontanona ao, dia mitadiava fanafody haingana, araka izay hambaran'Andriamanitra anareo.
- 15 Aza avela hitsiry velively ato amin'ny Fikambanana izany voa izany,
- 16 satria zary ohatra ratsy ho an'ny any ivelany.
- 17 Satria izay misy fifanoheran'ny sitrapon'ny olona dia tsy maintsy miteraka fisaraham-bazana,
- 18 ary izay misy fisaraham-bazana dia misy faharavana, fa hoy ny Mpamonjy antsika :"Rava izay fanjakana miady antreno".

Hafatra farany

1. Farany, tandremo fatratra mba ho tanterahina am-pahamalinana izay voasoratra, indrindra ny Fitsipika.
2. Ary raha nisy ny fepetra vaovao horaisina na zavatra ovana, araka ny fotoana sy ny filàna, dia ataovy am-pahamalinana sy miaraka amin'ny torohevitra tsara izany.
3. Ary aoka ny fiaraha-mivavaka eo an-tongotr'i Jesoa Kristy no vonjy ambony indrindra ho anareo,
4. ka eo ianareo rehetra, miaraka amin'ny zanakareo vavy no manao vavaka feno hafanam-po.
5. Satria amin' izany, tsy isalasalana na kely akory aza, fa ho eo afovoanareo i Jesoa Kristy, ary Izy no hanazava anareo sy hampianatra anareo amin'ny maha-mpampianatra marina sy tsara fanahy Azy, momba izay tokony hataonareo.
6. Minoa marina tokoa fa ity Fitsipika ity dia nambolen'ny tanany masina,
7. ary tsy handao ity Fikambanana ity na oviana na oviana Izy mandrapahatapitr'izao tontolo izao.

8. Satria raha Izy no namboly azy voalohany, iza moa, noho izany, no afaka hanongotra azy?
9. Minoa izany ianareo,
10. Aza misalasala,
11. manana finoana mafy fa izany no ho tanteraka izany.
12. Fantatro izay lazaiko.
13. Sambatra ireo izay mikarakara izany tokoa.
14. Raha mitandrina an-tsakany sy an-davany ireo zavatra rehetra ireo sy ny hafa mitovy amin'izany ianareo, araka izay lazain'ny Fanahy Masina anareo, araka ny fotoana sy ny zava-misy, mifalia ianareo, ary tohizo an-kerim-po sy fitiavana.
15. Hahita valisoa lehibe homanina ho anareo ianareo.
16. Ary amin'izay toerana hisy ny zanaka vavy no hisy ihany koa ny reny.
17. Aoka hionona ianareo ; aza misalasala ; te-hahita anareo any an-danitra eo afovoanay izahay,
18. satria izany koa no irin'Ilay tia antsika rehetra.
19. Ary iza no afaka hanohitra Azy?
20. Dia Izy izay manana ny hazavana sy ny fanjelanjelatra feno ny hafalian'ny fahamarinana no hambomba anareo amin'ny andron'ny fahafatesana,
21. ary hanafaka anareo amin'ny tangan'ny fahavaloo.
22. Mahareta noho izany am-pahatokisana sy an-karavoana amin'ny asa efa natomboka.
23. Ary tandremo, tandremo, hoy aho, ny manary ny hafanamponareo,
24. satria ho tanteraka aminareo amin'ny fahabetsahana mihoam-pampana ny fampanantenana tsirairay nataoko taminareo.
25. Handeha aho izao,
26. ary ianareo, tanteraho hatrany izay tokony ataonareo.
27. Kanefa, alohan'izany, dia manoroka anareo rehetra amin'ny ny oroky ny fiadanana aho,
28. no mitalaho amin'Andriamanitra mba hitsodrano anareo.
Amin'ny anaran'ny Ray, sy ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina. Amen.

FIZAHAN-TAKILA

Fitsipika: Sasinteny	02
Toko I : Ny Fandraisana	05
Toko II : Ny Fomba fitafin'izy ireo	05
Toko III : Ny Fitondran-tena eo amin'izao tontolo izao	06
Toko IV : Ny Fifadian-kanina	07
Toko V : Ny Fivavahana	09
Toko VI : Ny Famonjena Sorona Masina isan'andro	13
Toko VII : Ny Fikonfesena	13
Toko VIII: Ny Fanekena	14
Toko IX : Ny Fahavirjiniana	16
Toko X : Ny Fahantrana	17
Toko XI : Ny Fitantanana	18
Hafatra ho an'ireo Mpitantana ny Fikambanana	
Sasinteny	23
Hafatra voalohany	25
Fitsipika faharoa	26
Fitsipika fahatelo	27
Hafatra fahaefatra	30
Hafatra fahadimy	30
Fitsipika fahaenina	33
Hafatra fahafito	34
Hafatra fahavallo	36
Hafatra farany	37
Didy miafina nataon'ny Reny Rahavavy Angèle napetrany amin'ireo Zokiolona	
Teny mialoha	40
Lova voalohany	42
Lova faharoa	42
Lova fahatelo	43
Lova fahaefatra	44
Lova fahadimy	45
Lova fahaenina	46
Lova fahafito	46
Lova fahavallo	47
Lova fahasivy	48
Lova fahafolo	49
Hafatra farany	49